# VOAVELAN'ANDRIAMANITRA HELOKA

GOSPEL 316

***"SAMBATRA ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany."*** **Salamo 32:1**

Ireo zavatra ratsy ataontsika (antsoin'ny Baiboly hoe fahotana) dia mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Mila avelan'Andriamanitra heloka isika mba ho marina eo anatrehan'Andriamanitra … mba ho vonona ho amin'ny mandrakizay. Ny famelan-keloka ara-Baiboly dia tsy hoe Andriamanitra miteny hoe tsy hijery ireo fahotana ireo intsony sy hamafa ny sazy mandrakizay vokatr'ireo. Tsia, mila aloha izany sazy izany. Ny Vaovao Mahafaly (Ny Filazantsara) dia Jesosy [Ilay Andriamanitra-Olombelona tsy nanana ota] dia efa nandoa mialoha ho anao ny sazy tamin'ny alalan'ny Ràny tamin'ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana. Amin'ny lafiny iray, dia naka ny toeranao Izy. Tonga ho fanati-pisoloana ho anao I Jesosy. Saingy tsy ampy izany. Mila mihatra aminao izany fandoavan-tsazy izany … mila voasoratra ao amin'ny kaontinao. Ny fanontaniana tena lehibe dia izao, ahoana no hahatongavan'izany? Mitranga izany rehefa mibebaka ianao (miverina amin'Andriamanitra, miala amin'ny fahotanao) ary mino an'I Jesosy. Rehefa izany, ary izany ihany, dia ho voavelan'Andriamanitra heloka ianao.

## *NY OLANTSIKA … FISARAHANA*

*"Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra,"* Romana 3:23

*"Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, Ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy."* Isaiah 59:2

*"Hamaly izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy izay tsy manaiky ny filazantsaran'i Jesosy Tompontsika, dia olona izay hiharan'ny famaliana marina, dia fahaverezana mandrakizay, avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny,"* 2 Tesaloniana 1:8-9

*"Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika."* Romana 6:23

*"Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro hamonjy ny ratsy fanahy."* Romana 5:6

## *VAHAOLAN'ANDRIAMANITRA … FISOLOANA*

*"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."* Jaona 3:16

*"Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra* [fanatitra fampiononam-pahatezerana] *noho ny fahotantsika."* 1 Jaona 4:10

*"Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy."* Romana 5:8

*"Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny Tenany teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana"* 1 Petera 2:24

*"Fa izay rehetra nandray Azy* [Jesosy], *dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany,"* John 1:12

## *NY LALANAO HO AMIN'NY FAMELAN-KELOKA … HINO AN'I JESOSY*

*"Izy* [Jesosy] *no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny Anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka."* Acts 10:43. *"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha."* Efesiana 2:8-9. Afaka mino an'I Jesosy (tsy hoe mino ny momba Azy fotsiny) ianao amin'ny fibebahana … izany hoe, amin'ny fitodihana any amin'I Jesosy amin'ny finoana. Ity vavaka ity dia fomba iray ahafahanao manao izany. Tsy voady na fiozonana izy ity. Mivavaha toy ity raha izay no tena fanirian'ny fonao.

**Andriamanitra ô,**
**Ekeko ny filako ... Mpanota aho.**
**Mibebaka aho ... Miverina aminao aho, miala amin'ny fahotako.**
**Mino an'I Jesosy aho ... Andriamanitra Izy, maty ho ahy teo amin'ny hazo fijaliana.**
**Manaiky azy ho Mpamonjy ahy aho.**
**Amena**

Nandoa ny sazin'ny fahotanao Jesosy. Ary amin'ny alalan'ny finoanao an'I Jesosy, ny fandoavany izany trosa izany dia lasa fandoavanao izany koa. Voavelan'Andriamanitra heloka ianao. Ary Jesosy dia milaza fa voavonjy mandrakizay ianao, Jaona 3:16.

MALAGASY

***"SAMBATRA ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany."*** **Psalm 32:1**

PDF azo alaina malalaka momba ny *Voavelan'Andriamanitra heloka* amin'ny fiteny isankarazany voarohy ao amin'ny Gospel316.org.

**Raha tena nanao izany vavaka izany tamin'ny fahitsimpo ianao,** dia voavelan'Andriamanitra ny helokao ary voavonjy, hiaraka Aminy mandrakizay ianao. Ny fahafatesan'I Jesosy ho sorona dia manome famelan-keloka ho anao. Mampanantena anao Andriamanitra fa manana fiainana mandrakizay ho fanananao ankehitriny ianao izao … tsy ho tsaraina ianao … ary tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana ianao, Jaona 5:24. Voaaro ianao satria tsy misy maharombaka anao amin'ny Tana-maheriny. Izy no mihazona anao fa tsy ianao no mihazona Azy. Hoy Jesosy, *"ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tànako. Ny Raiko Izay nanome Ahy dia lehibe noho izy rehetra; ary tsy misy mahay mandrombaka amin'ny tànan'ny Ray."* Jaona 10:28-29.

**Raha tsy mbola nivonona ny hanao izany vavaka izany ianao,** dia ataovy ho laharam-pahamehanao izany. Ny fanapahankevitrao dia manan-danja ary misy vokany mandrakizay. Tsy misy hahafahanao manao izany intsony aorian'ny fahafatesana, *"Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana,"* Hebreo 9:27. Raha misy fanontaniana tsy voavaly izay manakana anao hanapa-kevitra dia miresaha amin'ny olona izay nanome anao ity.

## Sary fanehoana sy famaritana

**Famelan-keloka.**

Famelan-keloka. Ny famelan-keloka ara-Baiboly dia mitaky ny fandoavana ny sazy vokatry ny fahotantsika. Ny sazin'ny fahotana dia ny fisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra. Ny famelan-keloka ara-Baiboly dia famindrana ny fahotanao sy ny sazin'izany, avy aminao ho amin'I Jesosy. Nazeran'Andriamanitra tamin'I Jesosy, Ilay tsy nanota, ny fahotantsika sy ny sazin'izany. Avy eo dia nomen'Andriamanitra antsika ny Fahamarinany. Toy ny hoe misy boky roa any an-danitra. Ny boky voalohany dia ny boky firaketanao, misy ireo zavatra ratsy rehetra nataonao. Feno marika ny pejin'izany boky izany. Ny Baiboly dia milaza mazava fa misy zavatra ataontsika izay fahotana (fahotana amin'ny zavatra atao) ary misy zavatra izay tsy ataontsika ka lasa fahotana ihany koa (fahotana amin'ny zavatra tsy atao). Na dia ny eritreritra sasany aza dia fahotana ihany koa. Fahotana telo isanandro dia mira fahotana 1 000 isan-taona. Mandritra ny androm-piainana dia fahotana marobe izany. Ilay boky faharoa dia firaketana ho an'I Jesosy, Ilay tsy nanota. Madio, tsy misy pentina ny pejiny. Rehefa mino an'I Jesosy ianao, dia toy ny hoe nampifamadihana ny fonon'ireo boky roa ireo. Amin'izany, ilay boky firaketana misy ny anaranao dia lasa madio tanteraka. Nanjavona ny fahotanao sy ny sazin'izany.

**Vahaolana tena izy.**

Hoy Jesosy, *"Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako."* Jaona 14:6. Ny vahaolan'ny Baiboly ho an'ny fahotana mampisaraka antsika amin'Andriamanitra dia tokana sy miavaka. Ny fivavahana hafa dia mitaky antsika hiatrika ny mandrakizay miaraka amin'ny fahotantsika amin'ny fanantenana fa na iza na iza andriamanitra any dia tsy hijery izany fahotantsika izany izy. Miavaka ny ataon'I Jesosy amin'ny famelana ny fahotantsika … amin'ny fanadiovana antsika. Ary miatrika an'Andriamanitra sy ny mandrakizay isika miaraka amin'ny fahotantsika voafafa satria efa nafindra tamin'I Jesosy izany. Hoy ny Apostoly Petera, *"Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena."* Asa 4:12. Nanoratra toy izao ny Apostoly Paoly, *"Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra, dia zavatra ho fitory amin'izao androny izao."* 1 Timoty 2:5-6. Ny an'I Jesosy no vahaolana tena izy.

**Mino an'I Jesosy.**

Ny mino an'I Jesosy dia mihoatra ny hoe *mino ny momba* an'I Jesosy. Eritrereto hoe mpandeha fiaramanidina iray izay manidina ambonin'ny tendrombohitra ianao no tampoka teo mitambokona ny motera ary simba. Midina hianjera ny fiaramanidina. Manome toromarika ny olona rehetra ny mpanamory mba hampiditra elon'aina ary hiala ao anaty fiaramanidina eo amin'ny varavarana misokatra. Fantatrao tsara ny momba ny elon'aina. Hitanao tamin'ny fahitalavitra izany. Saingy hafa ny zava-mitranga eto. Ny miala ao anatin'io fiaramanidina io eo amin'ny varavarana misokatra dia mitaky finoana mihoatra ny *finoana ny momba* ny elon'aina … mitaky *finoana ny* elon'aina izany. Tsy mety ho amin'izany ny kitapo baben'ny mpandeha an-tongotra. Ny antoky ny fahavelomanao dia mitaky elon'aina araka ny tokony ho izy … ny miala ao anaty fiaramanidina tsy misy izany dia midika fahafatesana avy hatrany. Ny fivoahana ao miaraka amin'ny elon'aina dia fanolorantena 100% ho amin'ny finoana. Mety hanana fisalasalana ianao … saingy ny fahavelomanao dia mila ny fahatokianao tanteraka ilay elon'aina. Jesosy no Ilay tena elon'aina tokana mandrakizay. Mivoaha amim-pinoana. Minoa Azy!

**Toromarika ho amin'ny fanontana.** Soso-kevitra: lafiny roa amin'ny pejy iray. Atonta miloko na mainty sy fotsy.

---

*Voavelan'Andriamanitra heloka* © 2024 dia navoakan'ny Acts One Eight ary avy amin'ny www.Gospel316.org. Afaka manonta, mandika, mandefa malalaka izany tsy misy fanovana ianao miaraka amin'ireo fanambarana feno ao anatiny. Saingy, afaka manampy ny anaran'ny ministeranao na ny fiangonanao na logo ao anatiny ianao. Acts One Eight dia mifototra amin'ny Baiboly tokana ihany. Izy ireo dia manampy ny olona ho tonga amin'ny finoana an'I Jesosy Kristy sy hitombo mba ho tonga mpianany. Ny fandikanteny ho amin'ny fiteny tsy anglisy dia nataon'ny www.ChristianLingua.com. Ny andininy avy ao amin'ny Baiboly rehetra tamin'ny dikan-teny anglisy tany am-boalohany dia nalaina tamin'ny New American Standard Bible (NASB). Ny andininy avy ao amin'ny Baiboly amin'ity dikanteny ity dia nalaina tamin'ny "BAIBOLY PROTESTANTA MALAGASY" (MBP).